# Ilay Voa Tsara Nafafy 23 Jona 2019

**23** **Alahady**
jona

**... hahalala ny fitiavan'i Kristy, izay mihoatra noho ny fahalalana.** Efesiana 3. 19

**Ny fiadanan'Andriamanitra... mihoatra noho ny fahalalana rehetra.** Filipiana 4. 7

### Jesosy, Ilay fanantenako

*Jesosy irery no fanantenako,*
*Hirako, heriko ary fahazavako.*
*Izy no andry sy tohana ilaiko,*
*Na ao anaty tafiotra na any an-taniefitra.*
*Faratampom-pitiavana, fiadanana lalina,*
*Rehefa mampitony ny tahotro Jesosy.*
*Ny fampiononana sy antoka ho ahy*
*Dia ao amin'ny fitiavan'i Jesosy Kristy.*

*Jesosy irery, Ilay nanjary olombelona,*
*No Andriamanitra tao anaty tenan'ny zaza marefo iray.*
*Fanomezan'ny fitiavana Izy, ary fanomezam-pahamarinana,*
*Saingy nataon'ireo novonjeny tsinontsinona.*
*Kanefa nijaly teo amin'ny hazofijaliana Jesosy,*
*Voaozona noho izaho, noho ireo fahotako.*
*Ary nanomboka tamin'io andro io, ny fiainana*
*Dia nomena ahy noho ny fahafatesan'i Jesosy Kristy.*

*Mivelona tsy vesaran'ny fahadisoana intsony aho,*
*Tsy matahotra intsony, manoloana ny fahafatesana.*
*Hatramin'ny tomany voalohany*
*ka hatramin'ny fara fofonaiko,*
*Dia Jesosy no Tompon'ny fiainako.*
*Na ilay Ratsy, na ny olombelona,*
*Dia tsy hisy hanala ahy teo an-tanany.*
*Hiverina indray Izy, haka ahy :*
*Tsy ho ela, ry Jesosy, dia hahita Anao aho.*

*K. Getty, S. Townend*